Nakatona ny EPP Ilanivato 6
**Tsy voaloan'ny CUA ny hofan-tranon'ny katolika**

Jiro tapaka lava 3
**Misy tsy ampy fanomanana ny mpiadina BEPC**


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Talata 4 jolay 2023 Laharana 1450 Vidiny : **600 Ar**

www.gvalosoa.com
gvalosoa@yahoo.com
facebook : gazety valosoa rakoto


Miala Rajoelina 3
**J - 67**

**Filoha Ravalomanana** 2 4 8

# Kandidà filohampirenena ary vonona ho mpandresy amin'ny fifidianana filoha amin'ity taona ity








**Sandam-bola** 7
**Tsy mitsahatra mitontongana ny Ariary**

**Amboara eran-tany basikely U19** 6
**M'Madi Mathias Madagasikara no nampiditra baolina be indrindra**

**Daka kely**



**Tsy avotra intsony ialahy ry Boaikely na inona ataon'ialahy na inona a !**

FILOHA RAVALOMANANA

# Kandidà filohampirenena ary vonona ho mpandresy, amin'ny fifidianana filoha amin'ity taona ity

*KANDIDÀ FILOHAMPIRENENA ARY VONONA HO MPANDRESY NY FILOHA MARC RAVALOMANANA AMIN'NY FIFIDIANANA FILOHAMPIRENENA AMIN'ITY TAONA ITY. NAMPAHAFANTATRA IZANY TAMIN'NY FOMBA OFISIALY IZY NY SABOTSY TEO, NANDRITRA NY KONGRESY NASIONALIN'NY ANTOKO, TAO AMIN'NY MAGRO TANJOMBATO. TOY IZAO INDRINDRA NY LAHATENY NATAONY NANDRITRA IZANY.*




*Ny filoha Marc Ravalomanana.*

"Misaotra an'Andriamanitra isika nanome antsika ny andro androany.
Miarahaba antsika rehetra izay tonga manatrika izao Kongresy Nasionaly ho an'ny Antoko TIM izao.
Tolorana fiarahabana sy fisaorana manokana ianareo Raiamandreny am-panahy izay nitondra am-bavaka izao fotoana izao.
Arahabaina manokana ihany koa ianareo solontenan'ny Antoko politika sy Fikambanana maro samihafa izay tonga eto androany. Mankasitraka, mankatelina anareo namaly ny fanasana.
Ny Antoko sy ny Fikambanana ary ny sehatra misy antsika tsirairay avy no samihafa fa Malagasy tsika jiaby, Malagasy iray ihany ary Malagasy mifanaja mba ho voninahitr'i Madagasikara.
Fantatro fa maro ianareo Mpikambana TIM any amin'ny Faritra manerana ny Nosy no naniry hanatrika izao Kongresy Nasionaly izao nefa nohon'ny antony maro samihafa dia tsy tonga eto androany.
Mahatsiaro anareo izahay ary manolotra fisaorana ho anareo rehetra tamin'ny ezaka lehibe sy fandraisan'anjara nataonareo ka nahatontosana ireny Kongresim-paritra ireny.
Ny nahavitantsika ireny Kongresim-paritra ireny dia manaporofo fa Antoko velona, miasa ary matanjaka ny Antoko TIM sy ireo Mpiara-dia aminy.
Miarahaba anareo TIM Diaspora any amin'ny Firenena maro any ivelany ihany koa ary misaotra anareo amin'ny fankaherezana sy fanohanana. Na eo aza ny elanelan-tany dia mifandray am-po sy an'eritreritra isika androany nohon'ny tanjona iombonana, dia ny famonjena an'i Madagasikara. Miarahaba ny solontenan'ny Diaspora manatrika eto androany.
Ny fisaorana toy ny fary lava vany ka tsy lany hamamiana, fa andeha hifantoka amin'ny antony ihaonantsika eto isika dia ny Kongresy Nasionaly.

### Amin'ny fomba mahitsy

Faly, tena faly aho mihaona aminareo androany.
Ry vahoaka Malagasy Mpiray tanindrazana,
Anio dia hiresaka aminareo amin'ny fomba mahitsy aho ary hilaza aminareo izay tena ato am-poko sy ato an-tsaiko.
Raha ny zava-misy hitako sy henoko nandritra ireny Kongresim-paritra nitetezana an'i Madagasikara ireny, ary vao nohamafisin'ireo solontena avy any amin'ny Faritra teo, dia miaina ao anaty fahantrana lalina ny vahoaka Malagasy, latsaka an-katerena ny Firenena ary maizina tanteraka ny hoavin'ny taranaka faramandimby.
Tsy mendrika izao toerana ametrahana azy izao ny Firenena ary tsy mendrika izao fomba tsy mahomby itondrana azy izao ny vahoaka Malagasy.
Satria Firenena manankarena i Madagasikara ary Vahoaka miasa sy liam-pandrosoana ny Malagasy.
Ka hoy aho aminareo amin'ny fomba hentitra sy mahitsy:
Tsy azo ekena ny mbola hitohizan'izao fampahantrana ny vahoaka Malagasy izao.
Tsy maintsy atsahatra ny fitantanana tsy mahomby misy ankehitriny;
Tsy maintsy faranana ny fangalarana ny harem-pirenena, ny fanitsakitsahana ny Lalàmpanorenana sy ny Lalàna velona, ny fanosihosena ny Demokrasia, izay miteraka izao fahantran'ny vahoaka izao.

### Tonga ny fotoana

Noho izany dia manana adidy isika rehetra handray andraikitra hametraka Fitondrana mahomby, tsara tantana ary tan-dalàna ho fanovana izao zava-misy eto amin'ny Firenena izao.
Satria Fanjakana Repoblikana ary Firenena Demokratika i Madagasikara dia amin'ny alalan'ny Fifidianana ihany no fomba hahafahana manova ny Fitondrana sy ny fitantanana ny Firenena.
Tonga ny fotoana ankehitriny tsy maintsy hanatanterahana izany Fifidianana izany amin'ity taona ity, satria tapitra ny fe-potoana apetraky ny Lalàmpanorenana niasan'izao Fitondrana tsy mahomby izao.
Haverina amintsika Vahoaka ny Fahefana amin'ny alalan'ny Fifidianana.
Haverina amintsika vahoaka ny Fahefana, koa tsy maintsy miomana, vonona ary sahy isika hiatrika izany.
Tsy maintsy mametraka ny fepetra rehetra isika hahafahana handrombaka ny Fandresena hitondrana ny fanarenana ny Firenena.
Henoko ny antsoantsonareo hoe: "MIVERENA DADA!"
Voaraiko ny fangatahanareo teo ny amin'ny tokony hilatsahako hofidina ho Filoham-pirenena.
Koa satria efa nanome toky anareo aho fa tsy hijery fotsiny izao zava-misy eto amin'ny Firenena izao,
Efa nampanantena anareo aho fa handray ny fepetra rehetra ilaina sy ny andraikitra tokony ho raisina ho an'ny tombontsoa ambonin'ny Firenena, satria efa vonona isika hitondra ny vahaolana hahafahan'ny Vahoaka Malagasy hiasa sy hamokatra ho fampandrosoana an'i Madagasikara.

### Hirotsaka hofidiana

Rehefa avy nametraka ny ho avy eo am-pelatanan'Andriamanitra, DIA NANAPAKEVITRA AHO FA:
« HIROTSAKA HOFIDINA HO FILOHAMPIRENENA AHO HO FANARENANA NY FIRENENA SY FAMONJENA NY VAHOAKA MALAGASY ».
Tsy mora ny adidy sy andraikitra miandry antsika.
Tsy maintsy mandrombaka ny fandresena aloha isika amin'ny Fifidianana ary tsy maintsy mitondra ny fomba rehetra hanarenana maika ny Firenena avy eo.
Noho izany dia tsy maintsy miomana, vonona ary sahy isika :
MIOMANA isika hiatrika ny fifidianana ary manentana ny olona ihany koa hiomana hifidy,
MIOMANA isika hiatrika ny fanarenana ny Firenena ary manentana ny olona ihany koa hiomana hiasa sy hamokatra ho fampandrosoana ny Tanindrazana.
VONONA isika handatsa-bato - araky ny safidintsika marina fa tsy hanaiky teritery na fandrahonana na fanambatambazana amin'ny tolotra kely tsy mahavita taona.
VONONA isika hiara-mientana hametraka fitantanana mahomby sy hametraka tontolo manodidina hahafahan'ny Vahoaka miasa sy mamokatra.
Ary farany dia tsy maintsy :
SAHY isika hanara-maso ny zotram-pifidianana rehetra ka hiaro ny safidim-bahoaka.
HO SAHY isika hametraka ny fahamarinana ka tsy hanaiky lembenana amin'ireo mety tsy ho fanarahan-dalàna hitranga indrindra mandritra ny andron'ny latsa-bato sy amin'ny fikirakirana ny voka-pifidianana.

### Hajoro ny KMMR

Adidy iraisana ny fanarenana ny Firenena sy ny Famonjena ny Vahoaka Malagasy.
Noho izany dia manao antso avo ho an'ny rehetra aho hifanome tànana sy hifarimbona ho an'ny tombotsoa ambonin'ny Firenena.
Misokatra sy vonona hiara-hiasa amin'ny hery rehetra izahay hiatrehana ny fifidianana sy hampandrosoana ny Firenena.
Hajoro ny KMMR izay « KOMITY MANOHANA AN'I MARC RAVALOMANANA » sy « KOMITY MIARO NY MARINA SY NY RARINY », hiarahantsika rehetra hiatrika ny Fifidianana sy ny fanavotana ny Firenena.

### MAP Plus

Ahoana ary no hiatrehantsika ny fanarenana sy ny fampandrosoana ny Firenena ?
• VONONA AHO NY HIJORO SY HANAVOTRA AN'ITY FIRENENA ITY, KA HANANGANA FIRENENA VANONA MIARAKA AMIN'NY VAHOAKA MALAGASY REHETRA.
• Tsy hoe vonona ny hilatsaka ho filoham-pirenena fotsiny ka hanao kabary tsara lahatra eto fa efa manana ihany koa ny programan'asa entina amin'izany dia ity MADAGASCAR ACTION PLAN NA NY MAP PLUS ITY
• Ity MAP ity dia tsy ny hevitro irery fa vokatr'ireny fihaonako niaraka tamin'ny vahoaka ireny, ka nihainoko izay maharary ny vahoaka Malagasy.
• Nihaona nivantana taminareo aho tany Avaratry ny nosy, tany Atsimo, tany Andrefana, tany Atsinana, ary teto afovoan-tany,
• Nidina nijery ifotony ny maharary ny vahoaka, niresaka tamin'izy ireo na teny an-dàlana izany na tany antsena azy, ka nahafahako nihaino anareo izay tsy afaka namonjy ireny fihaonana mivantana ireny noho ny fitadiavanareo.
• Tsy vitan'ny hoe nihaino fotsiny aho fa tena nahita maso ny fahoriana sy fahasahiranan'ny vahoaka.
• Ireny hetahetan'ny vahoaka Malagasy maro samihafa manerana ny faritra rehetra ireny no narafitra ka nahazoantsika an'ity MAP Plus ity.
• Tsy programan'asako irery ity fa programan'asa iarahan'ny vahoaka Malagasy rehetra.
• Ity MAP Plus ity dia mifototra amin'ny FANAPARIAHAM-PAHEFANA TENA IZY na ny DECENTRALISATION EFFECTIVE.
• Satria fantatra fa betsaka ny asa maika tsy maintsy atao eo amin'ny fitondrana vahaolana haingana mikasika ireo tena manahirana amin'izao fotoana izao sy ny fananganana ny fotot'ilay firenena vanona izay ho hatsangantsika, dia nozaraina roa mazava tsara ny programan'asa ato amin'ity MAP ity.
• Ireo fizarana roa ireo dia mifaneno fa misy kosa ireo izay tsy maintsy atao laharam-pahamehana.
• Ireto ireo fizarana roa ireo:
o Ny fizarana voalohany dia ilay atao hoe ASA MAIKA TSY MAINTSY TANTERAHINA KA ATOMBOKA AVY HATRANY amin'ny andro voalohany handraisana fahefana.
o Ny fizarana faharoa kosa dia IREO ASA MITOHY dia ny programan'asa fampandrosoana izay tanterahina mandritry ny 5 taona.
• Tsy ho voalaza amin'ny antsipiriany eto izy rehetra fa ho lazaiko amin'ny ambagovangony ireo ASA MAIKA dia ilay fizarana voalohany ihany izany:
o Voalohany dia tsy maintsy hitondrana vahaolana haingana ny sakafo satria betsaka ny Malagasy no tena sahirana eo amin'ny fitadivana ny sakafo ho haniny.
o Faharoa dia ny famoronana asa ho an'ireo olona tena sahirana ara-pivelomanana, mba tsy hiandry tolotra fotsiny izy ireo.
o Fahatelo dia ny fitondrana vahaolana amin'ity resaka jiro izay mampimenomenona ny vahoaka ity. Misy asa tsy maintsy atomboka ary tsy maintsy hitohy izany.
o Fahaefatra dia ny ady amin'ny tsy fandriampahalemana na ny ety andrenivohitra izany na ny any ambanivohitra.
o Fahadimy dia ny vahaolana amin'ny fanalefahana ny fiakaran'ny vidim-piainana.
o Fahaenina dia ny fitondrana vahaolana amin'ny ady amin'ny valanaretina.
o Fahafito dia ny fanaovana laharam-pahamehana ny fampidirana ny zaza any antsekoly, ka hijerena ny fanamorana izany.
o Fahavalo farany dia famerenana indray ny firaisankinam-pirenena sy ny fanatsarana ny tontolo politika, indrindra ny fampitsaharana ny fanenjehana ara-pitsarana miendrika politika ary ny famoahana avy hatrany ireo gadra politika amin'izao fotoana izao.
Hataontsika ho taonan'ny fandresena ity taona 2023 ity.
Hiaraka hanangana Firenena vanona sy mandroso isika,
Vitantsika io satria olona « Mahalala, Mahay ary Mahavita » isika,
Koa aza matahotra minoa fotsiny ihany.
Eto am-pamaranana dia mirary anareo mpandray anjara rehetra havitrika ary hahazo izay rehetra ilaina ao anatin'ny filaminana sy fifanajana tanteraka ao anatin'izao Kongresy izao.
Homba antsika Andriamanitra."

***Nangonin'Isambilo***

## Ny Valosoa sy hadihady

### Miala Rajoelina. J- 67

# Tsy mahita lalan-kizorana afa tsy ny famadihana tanindrazana

Tsy hay intsony ny mpamari-toetra mendrika izao fitondrana izao satria lo tanteraka ny sainy feno holitra sy lomotra ka manjaka ny kolikoly sy ny tari-drano an-kilahila ny fitantanana ny volam-bahoaka sy ny harem-pirenena ary tsy mahita làlan-kizorana afa tsy ny famadihana Tanindrazana, sy ny fampahoriana vahoaka ary ny ady an-trano ao an-dapa. Na tiana na tsy tiana dia miendrika kolikoly ny fitaterana olona avy any amin'ny toerana lavitra sy fanerena olona, mpianatra sy mpampianatra ary mpiasam-bahoaka, hameno ny toerana misy ny famoriam-bahoaka ataon-dRajoelina Andry Nirina. Kolikoly ihany koa ny fangolena ny saim-bahoaka amin'ny fampanantenana fotodrafitrasa ho azy, ary tena kolikoly avo lenta ny fanomezana fiara na kodiaran-droa (moto) ho an'ireo gavernora na ben'ny tanàna satria misy ambadika tian-ko-tratrarina ny fanaovana izany. Na volan-dRajoelina Andry Nirina avy any am-paosiny izany na volam-bahoaka nahodinkodina avy tany amin'ny tetibolan'ny departemanta minisiterialy sasany na avy amin'ilay "tahiry mainty" (caisse noire) fa toa manana izany ny sampan-draharaham-panjakana tsirairay. Niara-nahita anefa fa rehefa nandeha tany amin'ireny toerana nanaovany velirano tsy tanteraka Rajoelina Andry Nirina dia mampiasa ireo fomba mamohehitra ireo. Vao omaly ny omaly no nanambitamby ny vahoaka eny Itaosy ity filoha vazaha eto amin'ny Repoblikan'i Madagasikara ity, ka nitatitra vahoaka avy any amin'ny Firaisana faha-5 eto Antananarivo Renivohitra ho eny an-toerana. Azo inoana fa tsy maintsy nomena vola ireo olona ireo na solon-tsakafo fotsiny aza. Tsy vitan'izay fa noterena ny mpiasam-bahoaka mpampianatra sy mpitsabo ary mpitsabo mpanampy ary ny mpianatra mbola mianatra, hanatevin-daharana ary nampanantenaina hopitaly manara-penitra hatsangana ao anatin'ny iray volana, hono. Ny ahiana dia ho lokoina lokom-boasary indray ny efa misy, satria izay ihany no mety ho vita ao anatin'ny volana iray. Nozaraina moto ireo ben'ny tanàna, angamba, mba handresy lahatra ny mponina eny Itaosy, mba tsy hanao hetsika tsy fanekena ny delestazy tsy misy farany intsony. Tsy misy idiran'ny mpikambana ao amin'ny antoko politikan-dRajoelina Andry Nirina avy eny amin'ny firaisana faha-5 ny famahana ny olan'ny mponina eny Itaosy ary tsy ny moto omena ny ben'ny tanàna no hamokatra herinaratra any an-tranon'ny mponina. Famadihana Tanindrazana sy famitahana ny Malagasy ny nanafenan-dRajoelina Andry Nirina ny fananany ny zom-pirenena frantsay ary ny tranga rehetra sy ny ataony rehetra dia tsy misy afa tsy fanapotehana ny fiainan'ny Malagasy, sy fandrobàna ny harem-pirenena ary fanitsakitsahana ny Lalàna manankery rehetra, satria toetsain'ny mpanjanaka no ao aminy. Ny mampitsiry fanantenana kely dia efa misy ao an-dapa ao ireo mahatsapa fa mizotra ho any an-kady ny làlana hitondran-dRajoelina Andry Nirina ny Firenena, ka miala tsy hanohana azy intsony. Nampangain-dRajoelina Andry Nirina sy ireo mpanohana azy ho mpamadika ireny olom-pirenena nomena toerana tao an-dapa ireny kanefa efa manohitra ny fitiavan-tena ary tsy manaiky ny fitatazana ràn-kena ankehitriny. Tsy manana ny hasiny sy ny fahefana eo aminy intsony ny Antenimierampirenena, satria ny fahefana mpanatanteraka izay arahiny maso ny fanatanterahana ny andraikiny indray no mibaiko sy mametraka ny fomba fiasan'ny Fahefana Mpanao Lalàna. Tsy mahagaga ihany koa raha mifanipaka toy ny valala an-karona ny mpikambana ao amin'ity andrim-panjakana ity, satria misy ny nahatsapa fa tsy mendrika ho tohanana intsony Rajoelina Andry Nirina, ka niala tsy ho eo ambany vahohon'ny filohan'ny andrim-panjakana intsony, fa nanaradia ilay depiote namany, voafidy tao Toliara I sady filohan'ny antoko politika Mihava Tour. Ampangain'ny mpitondra sy ireo depiote mpanohana anjambany ny fitondrana ho mpamadika koa ireto nisintaka ireto, ka nampidirina tao amin'ny lahadinika tampoka ny fanonganana azy. Nifarana efa alina be ny fivoriana ny zoma lasa teo, fa tsy nisy zavatra tapaka ny momba izany, satria tsy matotra ireo depiote ka very hasina tanteraka tsy eo imason'ny nifidy azy ihany, fa eo imason'izao tontolo koa. Na izany na tsy izany dia tsy azo ekena ny mbola hitantanana vazaha nanjanaka ny Firenena, ka heverina ho mpamadika Tanindrazana sy mpamitaka ny Malagasy ihany koa, izay Andrim-panjakana tokony handray andraikitra mifanandrify amin'izany kanefa minia manampi-maso ary mitsikombakomba amin''ireo koa izay olompirenena mbola sahy miaro sy manohana izao fitondrana izao noho ny fitiavantena. Hita taratra amin'izao toedraharaha iainana izao, fa maro karazana ny aretina mikiky ity Firenena ity, eo amin'ny sehatra rehetra, ka mila fitsaboana.

***Andry Tsiavalona***

BEPC

# Misy tsy ampy fanomanana ny mpiadina noho ny jiro tapaka lava

Miditra amin'ny andro faharoa ny mpanala fanadinana BEPC, amin'izao androany izao, miisa 305836 izy ireny manerana ny Nosy, ka ny sokajy A dia ahitana mpiadina 149956, ary ny sokajy B dia155880, ary araka ny vaovao voaray, dia misy ireo mpiadina sembana 47 mandray anjara ihany koa. Ireo tompon'andraikitra sendra anay tamin'ireo toeram-panadinana izay nandalovana, CEG Avaradrano vitsivitsy sy lisea JJRabearivelo, dia samy nanambara fa nilamina teo amin'ny fiantsoana anarana manomboka amin'ny 7ora sy sasany ary ny tolakandro manomboka amin'ny1ora sy sasany. Ireo mpianatra mpanala fanadinana dia samy nilaza, fa tsy ampy ny fotoana fanomanana noho ity jiro tapatapaka lava ity. Nilaza koa ry zareo fa teritery ny fotoana fandehanana an-tsekoly, ireo mpampianatra Fram, tsy dia ampy traik'efa eny amin'ireo sekolim-panjakana, fa ny sekolim-pinoana no mahazo vahana manodidina izany, satria matotra amin'ny fampitana fahaiza-manao, fampitana ny fahaiza-manao amin'ireo ankizy kilasy faha-3 mikasika ny taranja fianarana tsirairay. Hita sy tsapa ihany koa hoy ireo ray Aman-dreny sendra anay nanatitra ireo zanany teny amin'ny sekolim-panadinana, fa tsy ampy ny ora fianarana, ka na te-hanao fianarana manokana aza "cours ", dia tsy afaka noho ny tsy fahampiana ara-bola, sady ny sekoly tsy miankina amin'ny fanjakana, dia tsy manome taratasy fiantsoana raha tsy voaloa ny saram-pianarana farany, ka sahirana ihany amin'ny ankapobeny. Maro tamin'ireo mpiadina omaly, no nilaza fa tsy dia olana ny taranja malagasy natao maraina, fa ny siansa no nanahirana kely, ary ny androany maraina matematika sy taranja frantsay ny hariva, inoana fa mba ho metimety aminay ihany, ny rahampitso alarobia dia jeografia sy fizika, ary ny andro faha-4, dia taranja anglisy na alemana, teny vahiny. Izay sy izay no ako voaray teny rehetra teny, fa ny fiangavian'ny rehetra dia ny hoe: mba omeo ny mpitsara ara-dalàna ny anjara karamany, sy tambiny tokony homena azy ireny, dia mahazo valiny milamina ny ankizy.

***Beharo***



*Olana tamin'ny famerenan-deson'ny mpianatra ny delestazy.*

FITONDRANA RAJOELINA

# Mitazam-potsiny ny olan'ny sehatry ny fampianarana

Miditra amin'ny fanadinam-panjakana faharoa ankehitriny ny fampianarana, ny Bepc, taorian' ireo kilonga madinika niatrika ny Cepe. Mirary soa azy ireo sy ireo mbola hiatrika ny fanadinana bakalorea. Etsy ankilan'izany, ireo ray aman-drenin'izy ireo, dia iharan'ny darok'ireo mpivarotra mpanararaotra amin'ny vidin' entana. Tsikaritra mantsy, indrindra tamin'ny faran'ny herinandro teo ny fampiakarana ny vidin' ireo fitaovam-pianarana ampiasaina amin'ny fanadinana. Mazava loatra fa tratry ny kenda roroky ny fidangan'ny vidim-piainana izy ireo. Etsy ankilany ny fiakaran'ny entana fanjifa andavanandro, toy ny sira vovony, ohatra, izay niakatra ho 300 Ar indray koa izao, ny atody mananika ny 800 Ar ny vidiny; etsy andaniny ny fiatrehana ny hahatomombana ny fanadinan-janany mba hahazo vokatra tsara, kanefa izao ararao-tin'ny mpivarotra izao indray koa, ankoatra ny zavatra tsy maintsy vidiana na ny saran'ny fivezivezena na koa ny fandaniana tsy azo ialàna samihafa. Araka izany dia sahirana ireo ray amandreny maro amin'izao fotoana izao. Miharihary ihany koa, izay iarahamahita, fa tsy mihevitra ny vahaolana ny amin'izany izao fitondrana Rajoelina izao. Izy rahateo, iarahamahalala, fa tsy manana sy tsy mahita izay vahaolana mahomby hatrany, indrindra eo amin'ity sehatry ny fampianarana ity. Kajikajy politika hatrany no betsaka, io ny azy no maika, vao ny fitsinjovana izay hahasoa ny vahoaka. Izy rahateo efa iarahan'ny rehetra mahalala izao ny momba azy rehefa nivoaka ny resaka fizakany ny zom-pirenena frantsay. Ireo ray aman-dreny manan-janaka mampianatra, tsy ho ela ihany koa dia efa hiatrika indray ny fampidirana ny zanany hianatra. Ny fitaovam-pianaran'ny mpianatra sy kojakoja maro isan-karazany, dia tsy maintsy omanina mialoha. Ny saram-pisoratana anarana aza takian'ny sekoly mialoha, ary tsy amin'ny tsy miankina ihany, fa na any amin'ny fanjakana ihany koa aza dia misy vola tsy maintsy aloha mialoha. Resaka fotsiny sy miendrika famitahana ny amin'ny hoe fampianarana maimaimpoana, fa misy vola tsy maintsy aloha. Misy fiantraikany any amin'ny fampidirana an-tsekoly ny ankizy izany rehetra izany. Tsy manana vahaolana mazava ny amin'izany anefa izao fitondrana Rajoelina izao, ary tsikaritra tato anatin'ny efa-taona izany. Niharitra ny mafy sy niady irery ireo ray aman-dreny mampiana-janaka. Ny sehatry ny fampianarana tsy vitan'ny manorina sekoly fotsiny, na ihany koa nisehosehoana ho nampiditra ho mpiasam-panjakana ireo mpampianatra Fram, fa olana maro samihafa no mbola mitambesatra ao anatiny. Tsy mahazo salan'isa Andry Rajoelina sy ny fitondrany raha eo amin'ny sehatry ny fampianarana.

***Sôh'son***

## TONONKALO

### Ampy izay ny amin-dRainilainga

Heveriny ho azo vidiana daholo,
(Fa toy ny entam-barotra ny olon-drehetra !),
Ka io Rainilainga ilay mpanao bontolo,
Fa mbola manohy irony fomba voretra !

Tambazany mafy ireo olom-boafidy :
Mpitsara, ary hatramin'ireo be girady,
Ka maro no roboka sy efa voavidy
Amin'ny vola , efatrefatra , tongo-malady !

Mandeha ihany koa ny fampanantenana
Amin'ny endriny maro sy saro-tononina,
Nefa mihamaizina ny eto an-tanàna
Ary koa miharatsy ny fiaraha-monina !

Hifarana ihany ny taom-piasany
Fa volana roa sisa ny azy dia vita,
Kanefa izy mbola miketrika hatrany
Ny mbola hametrahana tetezamita !

…Ka raha mbola misy amintsika eto an-dasy
Ny saina , ny fo , ny fanahy malagasy,
Dia 'ndeha re hivondrona , hiara-manainga :
Hofaranana hatreo ny hadalan-dRainilainga !

***DADAN'i RIANA (02-07-23)***

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

**Akon'ny kongresy nasionalin'ny antoko TIM tao Tanjombato Antananarivo Atsimondrano ny sabotsy teo.**




















## NY TENY FIAINANA

Ny Baiboly Malagasy

*"Fa raha an'i Kristy hianareo, dia taranak'i Abrahama sy mpandova araka ny teny fikasana."*

***Galatiana 3:29***

### Mondial Basket U19 Hongrie 2023

# Faha-14 eran-tany ny Ankoay Madagasikara

Laharana fa 14 amin' ireo firenena 16 nandray anjara tamin'ny fifaninanana basikety « Mondial Basket U19 Hongrie 2023 », no azon'ny Ankoay Malagasy rehefa lavon'i Egypte tamin'ny isa 104 noho 64 tamin'ny lalao fiadian-toerana faha-13 natao tamin'ny alahady 02 jolay 2023 lasa teo. Tsy nahafa-bela tamin'ity ekipan'i Ejipta, izay nandavo azy ireo tamin'ny lalao famaranan'ny Afrobasket U18 natao tetsy Mahamasina tamin'ny taona 2022 ity izany ry Dovovan sy Lova ary ry M'Madi sy ireo namany. Mbola mety hisongadina ihany koa ity mpilalao farany ity, raha toa ka ho lany «meilleur marqueur du tounoi » satria nampiditra isa 167 izy tany Hongrie.

***Rainilita***



*Ankoay vs Egypte.*

### Championnat de Madagascar Slalom et course de côte 2023

# Tontosa teny Bevalala ny "3è manche"



*Slalom 2023 teny Bevalala.*


Noverezin'i Olivier i Juan tompondaka farany tamin'ny fifaninana «Slalom Yacco », izay andiany faha-3 amin'ny fiadiany ho tompondakan'i Madagasikara 2023, notontosaina teny amin'ny «Circuit MSA Bevalala » tamin'ny sabotsy 01 sy alahady 02 jolay 2023 teo. Toy izao ny vokatra azo tamin'izany : 1°-Ramiandrisoa Olivier "Olivier" n° 44 nitondra ny fiara Citroën C2 nahavita fe-potoana tambatra : 03:25.00, 2°-Rakotojohary Juan "Tovonen Jr" n°1 nitondra fiara Renault Clio nahavita fe-potoana tambatra 03.25.25, 3°-Rabekot Fredéric "Fred" n°37 nitondra fiara Citroën C2 nahavita fe-potoana tambatra : 03.32.91.

***Rainilita***

### Athlétisme Championnat de Madagascar 2023 sur Piste

# Nandritra ny telo andro tetsy Mahamasina

Nandritra ny 3 andro (zoma 30 jona, sabotsy 01 sy alahady 02 jolay 2023), no nanatanterahana ny fifaninanana athletisma « Championnat de Madagascar sur Piste Toutes Catégories », nandraisan'ireo athlteta nanodidina ny 170 isa anjara, tetsy amin'ny « piste en tartan » vaovaon'ny kianja Mahamasina. Mpikatroka avy amin'ny ligimparitry ny athletisma 14 misy eto Madagasikara izy ireo, niampy mpilalaon'ny seksionan'ny athletisma avy any Atsimo Atsinanana. Nambaran'ny tompon'andraikitra ao amin'ny FMA, fa tsy azo nanomezana fanamontsanana zava-bita tsara indrindra ny filalaovana teo amin'ny « piste » vaovaon'ity kianja ity, noho ny pitsompitsony ao aminy maro tsy manaraka ny tovo-tao iraisam-pirenena. Nanahirana ihany koa, hoy izy ireo, ny tsy nahafahana nampiditra tao an-kianja ny totohotra fijeren'ireo mpitsara ny « dossart » an'ireo mpifaninana tonga. Ny filohan'ny FMA, Raherison Dominique, teny an-toerana raha nitafa fohy tamin'ny mpanao gazety izy fa : « nahafinaritra ny fahavitrihan'ireo athleta rehetra izay efa volana maromaro izao, no niomana fatratra amin'ny hiatrehana ny Lalao'ny Nosy 2023 hatao eto amintsika. Nahafa-po ny « performance » vitan'izy ireo tamin'ity fifaninanana ity, na dia somary nananosarotra kely an' ireo mpilalao vao avy niofana tany Chine aza ny niatrika ny fifaninanana noho izy ireo voatery nizatra indray ny sakafo hohanina isan'andro sy ny toe-tany misy aty Madagasikara. Marihana fa ity fifaninana ity dia natao indrindra hifantenana an' ireo mpilalao hiatrika ny fampivondronana ho fanomanana an'io Lalao'ny Nosy 2023 io, ka marihako fa hivoaka tsy ho ela ny lisitr'ireo athleta hanaraka an'izany", hoy izy. Anisan'ireo mbola niakatra « podium » tamin'ity fifaninanana ity ry Mampitroatse, Jean Claude, Hervé Patrick ary Chantal.



*Athletisme teny Mahamasina.*

***Rainilita***

## Sakafo Ny Valosoa



Totoken'omby sy haricot vert indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana ro matsatso anatsonga sy angivy miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

# Fanafana natroraly ny sofina maneno

Fanafana natoraly ny sofina maneno indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany.

Ny antony mahatonga azy :

-Misy otrikaretina tafiditra anaty sofina.
- Loha na ny hatoka voadona.



- Fihinanana fanafody ody fanaintainana na antibiotika.
- Tosi-drà ambony na ambany.
- Aretin'ny fo sy ny lalan-drà.
- Diabeta.
- Anemie ( tsy fahampiana rà).
- Tavy
- Fifohana na fihinanana zava-mahadomelina.
- Fisotroana alkaola.
- Fahavoazan'ny nerfs na retsika, izay mitondra ny feo avy any amin'ny atidoha mandeha any amin'ny sofina.

Zavatra afaka atao ampijanona ilay maneno amin'ny sofina :

Ajanony ny kafe, zavamahadomelina , alkaola.
- Mila ampy torimaso.
- Mihinana sakafo be zinc , vitamine D, vitamine B12, Fer.

6- Maka ravina basilic ( zava-maniry io) totoina dia tatavanina, ilay ranony no ilaina atao anaty tavoahangy kely dia hafanaina ambony rano mafana tsy atao mamay be . Atao amin'ny sofina izay sofina maneno no hasiana 2 goty atao in-2 isan'andro mandrapahafaka.
- Na koa maka huile d'olive pure hasiana tongolo gasy hafanaina amin'ny afo , rehefa mafana dia esorina ka atao anaty tavoahangy kely , rehefa mangatsiaka vao atao anaty sofina 2 goty koa atao in-2 isan'andro.
- Tongolo be kikisana dia alaina ny ranony, atao anaty tavoahangy kely, atao anaty sofina 2 goty, atao in-2 isan'andro.

## NY VALOSOA sy Mahaliana

# Ny tanànan'Andevoranto distrikan'i Brickaville faritra Atsinanana

Ny tanànan'Andevoranto distrikan'i Brickaville faritra Atsinanana indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Andevoranto ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 17 mandrafitra ny distrikan'i Brickaville. Amoron-dranomasina ity Tanàna ity, lalovan'ny Lakandranon'i Pangalana sy ny renirano Rianila Koa. Vokatra any ny vary, ny fary, ny haninkotrana toy ny mangahazo. Ny voankazo toy ny letchi, ny manga, ny ampalibe, ny soanambo. Misy Mpanjono koa ny mponina any Andevoranto.



Nakatona ny EPP Ilanivato

# Tsy voaloan'ny CUA ny hofan-tranon'ny katolika


Ilanivato Anosipatrana.

Tsy voaloan'ny kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) ny hofan-tranon'ny katolika ao Ilanivato, noho izay antony izay, nakatona ny EPP Ilanivato. Nikatona omaly ny EPP Ilanivato, ao amin'ny Boriboreitany faha-4. An'ny Katolika ny trano, raha ny vaovao voaray. Nanomboka ny 1976 no nampanofainy mba hianaran'ireo kilonga. Ny CUA no voalaza fa mandoa ny hofany aminy. Efa aman-taonany no tsy voaloa intsony izany ka, izao niafara amin' ny fanakatonana izao.
Efa nobataina sy nafindra ireo entana tao omaly. Ireo mpampianatra ampolony kosa mety hafindra sy ho tsinjaraina any amin'ny EPP hafa. Ireo mpianatra no mampalahelo. Ho aiza ny zanakay, hoy ireo raiamandreny noho izao fanapahan-kevitra izao.

**Stefa**

Fanadinam-panjakana BEPC

# Malagasy sy SVT no nisantarana ny fanadinana omaly

Malagasy sy SVT, na siansa momba ny zavamanan'aina sy ny tany no nisantarana ny fanadinam-panjakana BEPC nanomboka omaly manerana an'i Madagasikara. Miisa 1072 ny foibem-panadinana manerana ny Nosy, ary mpiadina 305.836 no tokony hiatrika an'izany fanadinana izany ; 47 amin'ireo mpiadina no mila fanomanana manokana, mba hahafahany misitraka ny zony feno tahaky ny ankamaroan'ny ankizy Malagasy mpiadina rehetra.



Ny 149.956 amin'ireo mpiadina ireo dia nisafidy ny « sokajy A » ary ny 155.880 kosa dia nisafidy ny « sokajy B ». Ny taranja Matematika sy Frantsay indray no hatrehan'ireo mpiadina anio tatala. Rahampitso ny Tantara sy Jeografia sy Fizika Simia. Hamaranana ny fanadinana ny alakamisy maraina izao ny taranja Anglisy, sy ny taranja Allemand na Espaniôla. Ny fidirana ny maraina amin' izao fanadinam-panjakana BEPC izao, ny maraina : amin'ny 7h30, ny tolakandro kosa : amin'ny 1 ora sy sasany.

**Stefa**

ENAM

# Mpianatra 62 mianadahy niofana tany amin'ny ACMIL

Mpianatra miisa 62 mianadahy avy amin'ny ENAM no niofana tany amin'ny ACMIL, na Akademia Miaramila any Antsirabe. Mpianatra 62 mianadahy avy amin'ny "Andiany Mahomby" ao amin' i ENAM (Ecole Nationale d'Administration de Madagasikara ) Antananarivo, no nanao fivahiniana sady fiofanana tao amin'ny ACMIL Antsirabe nanomboka ny 21 ka hatramin'ny 30 jona 2023 lasa teo.


*Ireo mpianatry ny ENAM tany amin'ny ACMIL Antsirabe.*

Fiofanana natao hananan'izy ireo fahalalàna ankapobeny mahakasika ny Foloalindahy sy ny fiainana maha-miaramila, ary koa mba hananan'izy ireo toe-tsaina vonona ny hiatrika ny zava-misy rehetra, ary indrindra indrindra, mba hananan'izy ireo toe-tsaina ho Mpitarika sy Mpifehy rahatrizay any amin'ny sehatry ny asampanjakana.
Tamin'ny fotoana nahatongavany tao amin'ny Sekoly dia nisy ny fandraisana azy ireo tao amin'ny efitrano fivoriana izay nataon'ireo tompon' andraikitra ao amin'ny Sekoly, notarihin'ny Jeneraly Pikulas Démosthène, Komandin'i Akademia Miaramila. Nahazo taratasy famantarana, ny fahavitan' izany fiofanana izany izy ireo tamin'ny fiafaran'ny fiofanana.

**Niaina**

Amboara eran-tany basikely U19

# M'Madi Mathias Madagasikara no nampiditra baolina be indrindra

Tsy nisy ady hevitra, fa dia voahosotra ho mpilalao nahatafiditra baolina betsaka indrindra "Meilleur Marqueur du tournoi", nandritra ny fiadiana ny tompondaka maneran-tany ny taranja Basket-ball latsaky ny 19 taona na ny FIBA U 19 WORLD CUP, natao tany Hongrie i Mathias M'Madi avy amin'ny Ankoay Madagasikara. 169 ny baolina matiny nandritra izany fifaninanana izany, izany hoe, nahazo 24,1 isa isaky ny lalao izy : panier na harato miisa 12 mahery, na isa 3 im-8 mahery isakyt ny lalao.

**Lita**



M'Madi Mathias, Ankoay Madagasikara.

Rugby 1/8-dalana faharoan'ny XXL Energy Top 20

# Niady dia niady ny lalao farany

Niady dia niady ary nampitsanga-nitoetra ireo mpijery hatramin'ny farany, ny lalao farany tamin'ny fifaninanana rugby 1/8-dalana faharoan'ny "XXL Energy Top 20", izay notontosaina tamin'ny alahady 02 jolay 2023 teo, teny amin'ny kianja Makis Andohatapenaka. Tamin'ny moka fohy 17-16 no nandavoan'Ankadifotsy ny Flèche Noire na Tfma Ankasina tamin'ny farany. Vokadalao rehetra amin'io alahady io : Ftm Manjakaray 64 – 03 XV Fa Rugby Ampasika, Uscar Commune 41 – 23 Us Ikopa Andohatapenaka, 3Fb Fahasalamana 38 - 15 Scb Besarety, Usa Ankadifotsy 17 – 16 Tfma Ankasina.

**Rainilita**


Usa vs Tfma.

PRIERE AU SACRE CŒUR



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.
Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.
**Tsirava R.**

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE**
**01/07/2023 hatramin'ny 08/07/2023**

- **TSARA** (Andavamamba route pavée) 020 22 347 12/034 21 111 14
- **DE LA PERGOLA** (Antaninarenina) 020 22 237 17 / 034 19 733 95 / 033 51 510 70/032 58 835 49
- **HERIZO** (Antanimena face Eglise Catholique) 020 79 697 22
- **ITOKIANA** (Manakambahiny) 020 22 322 64/034 84 322 64
- **RABARISOA** (Andravoahangy près BOA ex imm SOLOPRIX) 020 22 229 86/034 07 229 86

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange :032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 600 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com

**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1450-07-2023
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

SANDAM-BOLA

# Tsy mitsahatra mitontongana ny Ariary



*Tena miha-lafo vidy amin'ny Malagasy ny dolara sy ny euro.*

Tsy mitsahatra ny mitontongana ny vola Malagasy : ny Ariary, amin'izao fotoana, efa mananika ny 5.000 Ar ankehitriny ny 1 Euro. Raha ny tarehi-marika teo amin'ny tsenam-bola vahiny eoi amin'ny samy banky farany nivoaka faran'ny, navoakan'ny Banky Foiben'i Madagasikara (BFM) : ny 1 euro : Ar 4 885,00. Ny 1 dolara Amlerikana : Ar 4 515,00. Raha manao fampitahana ny volana teoi aloha : volana mey sy ny volana jona farany teo, nitontongana 200 Ar ny volantsika tao anatin'ny iray volana. Satria raha 4684.31Ar vao mahazo 1 Euro ny faran'ny volana mey 2023, dia mitaky 4883.97Ar izany ny faran'ny volana jona 2023. Raha 4391.99Ar ny dolara Amerikanina ny 30 mey 2023, dia 4510.77Ar vao mahazo 1 dolara Aerikanina ny 30 jona 2023.

***Aly***

Lalao'Tsika Telma

# Nisy roa no nibata PS 5 vaovao

Nisy tsara vintana roa : Razafimanantena Elno Gladdys sy Anis Ali Asnah, no nahazo PS 5 vaovao be teny amin'ny fizarana nivantana ny loka ho an'ireo mpandresy 11 tamin'ny fifaninanana Lalao'Tsika Telma tamin'ny fividianana tolotra Ye'low one sy Net via M'vola, izay voasarika isaky ny zoma nandritra ny 6 herinandro nanomboka tamin'ny 6 mey, ka hatramin'ny 10 jona 2023 lasa teo ary ny an'ny tena voalohany aza dia mbola niampy fahana haut debit 12 volana. Lanonana natao teny amin'ny Campus Telma Andraharo tamin'ny alatsinainy 03 jolay 2023. Ankoatra an'ireo loka lehibe roa ireo dia nisy koa ny nahazo Kit Home M'balik, sy finday ary ny Ipad hisense 5G sy ny fahitalavitra 55'. Marihana fa any amin'ny vola septambra sy volana novambra 2023 indray, ny fizarana loka goavana manaraka hoan'ity fifaninanana ity.

***Rainilita***





*Ny nahazo PS 5 tonga teny Andraharo.*

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 436**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0435)

**Mitsivalana**
- Taranaka
- Anana – Ao
- Tranonay (miv)
- Bozaka
- Sa – Oty
- Ovy – Fary
- Aina – La

**Mitsangana**
- Tay – Soa
- Anabavy
- Rano – In
- Ozona (miv)
- Nana
- Laoka (miv)
- Karatra
- Toa (miv) – YY

### TENY MIFANAPAKA N° 436




**Mitsivalana**

**1.** 12 volana **2.** Esorina – Marina **3.** Zava-drehetra – Fanadinana an-tsekoly **4.** Filazant-tsara (miv) **5.** Entina manontany (miv) – Tapaka **6.** Karatra matanjaka – Sembana ara-pitenenana **7.** Biby fiompy (miv) – Renintsoratra tsy mitovy **8.** Lavitra hita maso – Tanàna iray **9.** Tsy salama **10.** Rano maloto – Miantso

**Mitsangana**

**A.** Havaozina **B.** Aro orana – Betsaka (miv) **D.** Valam-parihy **E.** Mpanondro manolotra – Naoty – Anaty rano **F.** Isa omena – Fay **G.** Fiandohan'ny lakolosy – Solfa **H.** Maneho fiandohana **I.** Aotra – Ao amin'ny serasera (miv) **J.** Lalam-pirenena **K.** Omen-danja sy voninahitra

### Valiny Teny mifanaraka 0435

**Mitsivalana**

**1**.Mangalatra **2**. Izao - Afina **3**. Vinanto **4**. Sivy (miv) - Elo **5**. Zaridaina **6**. Ina - Mitaky (miv) **7**. Vakana **8**. Ela - Dina (miv) **9**. Zo - Omaly **10**. Matavy (miv) - OO

**Mitsangana**

**A** Mivezivezy **B**. Azy - Volana (miv) **D**. Naniraka **E**. Goavy - ST **F**. Nidina **G**. Latsaka - OM **H**. Afo - Ia - Ma (miv) **I**. Ti - Entina **J**. RN - Lay - Ilo **K**. Aato - Madio

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

**Akon'ny kongresy nasionalin'ny antoko TIM ny sabotsy teo, tao Tanjombato Antananarivo Atsimondrano (tohiny).**





